


FANKALAZANA NY NIAKARAN'NY TOMPO



Ankamasino amin'ny fahamarinana izy ireo. Ny teninao no fahamarinana » (Jo. 17: 17)

Ry Kristianina havana, efapolo andro izao isika no niara-nankalaza ny Paka izany hoe i Jesoa nandresy ny ratsy ary isika niaraka Aminy. Izany no dikan'ny batemy sy ny fanavaozana ny toky nataontsika tamin'ny Batemy niarahantsika nanao tamin'ny Asabotsy masina. Paka manana endrika manokana, hoy isika, satria tao anatin'ny krizy maro lafy entin'ity KORONTANAVIRUS ity. Paka fandalovana anefa ka nanosika ao anatin'ny ady sady dia atrehina izany krizy izany hanao safidy vokatry ny fiovam-penitra mahery vaika ny fomba fitondran-tena “chargement radical de

comportement”. Manantena isika ary mino fa hiroso amin'ny “depart vaovao” isika na dia mavesatra aza ny voka-dratsy entin'ity areti-mandoza ity. Hiroso isika EO V MISIONERA TABERNAKLA VELONA hanorina ny fianakaviam-ben'Andriamanitra OLO ARAIKY ISIKA JIABY, FRATELLI TUTTI. Tanteraka izany raha samy

Vakiteny I : Asa 1, 1-11

Tononkira : Salamo 46

Vakiteny II : Efez. 1, 17-23

Evanjely : Mk. 16, 15-20

mahafofy isika, raha samy mifanombo ka mifanasoa sy mifampitsimbina mikatsaka ny soa iombonana ao anatin'ny fahamarinana sy ao anatin'ny fampanjakana ny rariny sy hitsiny. Niara-namakivaky ny 40 andro isika nandinika sy nibanjina ireo toetran'i Jesoa tsy maintsy ilaintsika hananana mba hivelomana ny maha Kristianina mpanara-dia amin' i Kristy antsika ka hivelona tahaka an'i Kristy manorina ny Eglizy Olona Velona eo anivon'izao tontolo izao na dia tsy anisan'izao tontolo izao aza isika.

Manentana manokana ny tanora aho “tsara ny fahatanorana” hoy ny hira fanevan’ny JMJ Mad-9 ary tsy miverimberina ka hararaoty hanaovana zava-tsoa amin’ny fanorenana ny hoavy ao amin’i Jesoa sy miaraka Aminy ary amin’ny alalany satria Izy no fiainana sy lalana ary fahamarinana. Aoka ho EOVMISIONERA TABERNAKLA VELONA ianareo. Hoy ny Papa taminareo tanora teny Soamandrakizay : “aoka tsy hilaza na oviana na oviana amin’izay akaiky anao hoe tsy mila anao aho”. Mila anao izy ary ianao mila azy. Izany ny foto-pampianarana tian’I Papa ampitaina amintsika ao amin’ny Ansiklika Fratelli Tutti. Io no lalana amin’ny fanorenana ny Fianakavian-Janahary, Olo Araiky isika jiaby.

Ry Krisitiana havana, androany miaraka amin’ny Eglizy manontolo isika mankalaza an’i Jesoa niakatra any an-danitra. Nandresy ny zava-drehetra izy ary isika koa manantena fa hiaraka Aminy rehefa avy mamakivaky an’ity fiainana ity, ady sady dia ny fiainana. Fiainana anararaotintsika mba hanorenana zava-tsoa ka mipetraka amin’ny tantara toy ny fiainan’i Lucien Botovasoa izay vao nankalazaintsika. Marina fa maty martiry izy, ny rà nalatsany dia azo lazaina fa namelona ny Eglizy eto Madagasikara ka nahatonga ny Eglizy eran-tany manambara azy ho olontsambatra ary manantena isika fa hasandratra ho Olomasina tsy ho ela.

Mipetraka eo ankavanan’Andriamanitra i Jesoa ankehitriny any amin’ny toerana hivantanantsika ihany koa, izany no vocation-ntsika mba ho fianakaviana iray ao amin’ny Trinite masina isika.

Mampandinika antsika ny voalaza amin’ny vakiteny arosan’ny Eglizy amin’ity andro fankalazana ny Fiakaran’ny Tompo ity. Hoy indrindra ny Evanjely “*Ary rehefa niteny tamin’izy ireo i Jesoa Tompo, dia nakarina any an-danitra, ka mipetraka eo ankavanan’Andriamanitra*”. Ny vakiteny voalohany nalaina tao amin’ny Asan’ny Apôstôly manambara koa “*Nony efa nilaza izany Izy, dia nakarina teo anatrehan’izy ireo: ary nisy rahona nanakona Azy, ka tsy hitan’ny masony intsony Izy*”.

Sao dia variana àry isika, tsy hoe fusée ny fiakarana tian’ny Soratra Masina antintraterina amintsika fa raha miova tokoa ny fiainantsika tsy mirefarefa amin’ny tany dia midika lanitra izany ary omanintsika dieny izao izany. Tsy hoe sambon-danitra na fiara-manidina i Jesoa namakivaky ny lanitra fa mba hahafantarantsika ny lanitra izay toeram-pahasambarana noharian’Andriamanitra ho antsika mba ho fianakaviana iray ao Aminy isika ary i Md Paoly ao amin’ny vakiteny faharoa miteny amintsika “*Naharihariny tao amin’i Kristy izany heriny izany, tamin’ny nananganany Azy ho velona, sy nametrahany Azy teo ankavanany any an-danitra*”.

Izany koa no anjaram-piainantsika raha miombona Aminy isika, androm-pifaliana ho antsika izao satria olona iray rà amintsika i Jesoa, tena olombelona sy tena Andriamanitra Izy. Ny maha olombelona an’i Jesoa no ilazana fa olona iray rà amintsika Izy, any an-danitra Izy ka fanantenana ho antsika rantsambatany ihany koa izany, izay toerana misy an’i Jesoa no toerana hivantanantsika ihany koa raha vita ny fiainantsika eto an-tany. Tsy maintsy misy farany izao fiainana izao. Fampianarana tsy maintsy fantantsika izany satria ny fahafatesana manambara fiafarana fa ho an’izay miombona amin’i Kristy, isika Kristianina, isika EOVMISIONERA, TABERNAKLA VELONA manorina FRATELLI TUTTI = OLO ARAIKY ISIKA JIABY dia olom-pinoana, olom-panantena, olom-pitiavana ka miandrindra ilay fiainan-ko avy ao amin’ny fianakavian’ny Olomasina araka ny Credo ataontsika : “Izaho mino ny fiombonan’ny olomasina”. Tsy fiekem-pinoana an-kandrina io fa matoky isika satria I Jesoa efa nandresy ary niakatra. Iray rà amintsika Izy ka entanin’ny finoana sy feno fanantenana isika rantsambatan’i Jesoa fa mizotra amin’ny lalana izay nizoran’i Jesoa. Tafatsangan-ko velona sy niakatra any an-danitra i Jesoa ka santatra ho antsika Izy, Izy no voaloham-bokatra. Ny

vavaka fangatahana rahateo izay ataontsika amin'izao andro fankalazana ny fiakaran'i Jesoa izao dia manambara fa ny fiakaran'i Jesoa any an-danitra dia efa fanandratana antsika ary ny voninahitra nidiran'izy filohantsika dia fanantenana ho antsika rantsambatany. Efa nipetraka eo ankavanan'ny Ray i Kristy, Izy no lohan'ny Eglizy Olona Velona, isika no vatany masina ka hanaraka azy tokoa ary ho entiny any Aminy. Raha mivelona araka ny maha zanak'Andriamanitra sy miombona Aminy isika dia ho ao anatin'ny fiombonan'olomasina.

Izany anefa tsy mora ary tsy vitavita ho azy, fa indrindra isika miatrika ny krizy maro lafy izao izay mahatonga fanontaniana maro, mahatonga ny maro hametraka fanontaniana. Tsy mahagaga izany na ireo Apostoly aza henontsika teo nametraka fanontaniana tamin'i Jesoa : *“izao ve ny fotoana hanangananao ny fanjakan'isarely? “ Tsy ianareo no mahalala na ny andro na ny fotoana ... Fa rehefa hidinanan'ny Fanahy Masina ianareo dia hahazo hery, ka ho vavolombeloka any Jerosalema sy eran'izao tontolo izao”*. Mazava fa miandry antsika EOY ny Tompo mba ho EOY MISIONERA. Maniraka antsika i Jesoa hoe *“Mitoria ny evanjely amin'ny voaary rehetra”*. Izany no maha EOY MISIONERA TABERNAKLA VELONA ANTSIKA. Tsy mahazo mipetraketra intsony isika. Manana ny Fanahy Mpankahery tsy maintsy miroso. Ny fanorenana ny ETA dia tsy inona fa noho ny fitoriana ny Evanjely tsy amin'ny vava fotsiny fa amin'ny fiainana manontolo amin'ny alalan'ny fifampitsimbina, sy amin'ny fifanasoavana ny fampitrahaofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Mitaky fahafoizana sy finiavana vokatry ny fiainam-pinoana.

Aoka isika tsy hanao an-kandrina fotsiny ny finoana fa hiroso lalindalina kokoa hanatanteraka ny hafatr'i Kristy *“Mandehana ianareo amin'izao tontolo izao, mitoria ny Evanjely amin'ny voaary rehetra. Izay mino ka hatao Batemy dia ho voavonjy; fa izay tsy hino dia hohelohina”*. Iza tontolo izao no voaary ka ny olombelona rehetra no tsy maintsy itoriantika ny Evanjely. Vokatry ny Paka ho antsika ny fifandraisantsika tsara amin'Andriamanitra miaraka amin'i Jesoa, ny fifandraisantsika samy olombelona, ny fifandraisantsika amin'ny voaary ka miaro sy mikolokolo. Isika no tsy maintsy manaiky amin'ny zava-misy ka manarina ny efa nosimbaintsika tamin'ny fahotana. Fandalovana amin'ny ratsy ka miditra amin'ny fiainam-baovao izany no Paka. Entanin'ny Fanahy Masina isika, miandrindra ny pantekôty fa indrindra isika miatrika an'ity KORONTANAVIRUS ity ka samy manantena isika fa ho resintsika ity fahavalo tsy hita maso ity ka hiroso amin'ny fanorenana marina isika. Miandrindra Pantekoty vaovao tokoa isika Pantekôty mitondra amin'ny fiombonana, firahalalana sy fanehoam-pitiavana eo anivon'ny fiaraha-monina. Mitoetra ao Aminy isika ary isika itoerany ka amin'izay mamokatra be isika, mamokatra ny fitoriana ny Vaovao mahafaly, mamokatra ny asa fanompoana, mamokatra ny fiarahantsika mivavaka ka ho feno tanteraka ny hafaliantsika eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Maro araky ny voalazan'ny Evanjely, arak'ireo tenin'Andriamanitra androany, ny famantarana ny fanorenana ny Eglizy Olona velona sady hitondra fanantenana ho antsika :*“Ary izao no famantarana homba izay mino: Handroaka demony amin'ny Anarako izy, hiteny amin'ny fiteny tsy mbola hainy izy, handray menarana izy, ary na misotro zava-mahafaty aza izy dia tsy hampaninona azy izany; hametra-tanana amin'ny marary izy, dia ho sitrana ireny”*. Eo anivontsika i Jesoa satria maniraka antsika hiombona Aminy bebe kokoa, tsy Andriamanitra lavitra no Andriamanintsika , tsy firehan-kevitra no arahintsika fa olona velona ka miombona Aminy isika ary miara-mamakivaky an'ity fiainana ity. Miara-miasa Aminy isika, miaraka manorina Eglizy Olona Velona Aminy isika.

Ry Jesoa Kristy zokinay ô, amin'izao fankalazana niakaranao an-danitra izao, miombom-bavaka izahay miara-misaotra Anao noho ny soa maro be nataonao fa indrindra ny fanoloranao tena ho

famonjena anay. Sintomy ny fo sy masonay olombelona hahita anao amin'ny fiainanay andavanandro, lanao no fahamarinana, lanao no làlana, lanao no ohatra hivelomanay amin'ny ataonay rehetra. Ampio izahay hiala amin'ny fitiavan-tena sy ny avonavona ary ny fialonana fa hiroso kosa amin'ny tena fahafoizana sy fanompoana ka vonona hanorina ny maha Olo Araiky anay jiaby. Hiady amin'ny fanilikilihana manapotika ny fiainanay mba ho Pantekôty vaovao tokoa anie izao fanaovanay depart vaovao izao.

Efa 2000 taona mahery tokoa ny nanirahanao ny Apôstôly hiaina ny Evanjely, ka tonga hatraty aminay Madagasikara izany, ampio izahay tsy ho kivy fa hahavita izay tokony ho tanterahinay amin'ny fitoriana ny Evanjely, omeo pretra masina, omeo relijiozy masina, omeo lahika apôstôly masina mpanorina izahay hanitatra ny fanjakanao. HO EO V MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Masina Maria tsy nisaraka tamin'ny Apostoly ianao fa niara-dalana taminy hatrany. Maniry Pantekoty vaovao izahay ka tantano ny dianay. Md Josefa mivavahà ho an'ny fianakavianay mba ho “eglizy kely” tokoa hifanasoa sy hifankatia. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson